# A Acacia crassicarpa

**Fianakaviana** : *Mimosaceae*

**Karazany** : *Acacia crassicarpa A. Cunn.*

**Anarana fampiasa** : Northen wattle, Papua New Guinea red Wattle

## 1. Toetoetra ara-javamaniry

Hazo tsy dia lehibe *ny Acacia crassicarpa* , 2 ka hatramin'ny 3 metatra ny halavany raha eny amin'ny tora-pasika amoron-dranomasina be rivotra. Mety mahatratra 5 ka hatramin'ny 20 metatra anefa izy raha eny amin'ny toerana tsy dia be rivotra loatra.



Miloko maitso manopy volon-davenona ny ravina, somary miolaka ary mirefy 11 ka hatramin'ny 22 santimetatra ny lavany, 1 ka hatramin'ny 4,5 sm ny sakany, matevina kokoa ny sisiny ary mivoitra ireo faritra telo fitohizan'ny taho amin'ny ravina.

Salohy ny felam-boninkazo, , miloko mavo ary manana lavany 4 - 7 sm sy sakany 6 - 8 sm. Mifono anaty kitapo lavalava (toy ny hodi-tsaramaso) miloko volontsokola manopy mavo ireo voa afafy izay miloka mainty..

Mavo ny kotofotsiny (tapotsiny) ary mety ho hanin'ny bibikely. Mena antitra ny dilon-kazo (ati-kazo) ary mora andairan'ny vitsikambo.
620 kg/m$^3$ ny vesany

Tsy mari-tantana ny hodi-kazo ary ahitana triatriatra lalina.

## 2. Fihaviany sy toetra ara toe-tany

Any avaratr'i Queensland – Aostralia, any amin'ny ahabo 0 ka hatramin'ny 700 metatra, 8° ka hatramin'ny 20° latitioda no fihavian'ny *Acacia crassicarpa.*

Tsy mifidy tany haniriana izy ary tsy dia mampaninona azy ny tany tsy masaka loatra, noho izany dia maniry na eny amin'ny tany fasihina, na eny amin'ny tany misy tanimanga izy.

Ny toe-tany mandon'ny tropika, harafitry ny rotsa-korana eo amin'ny 1500 ka hatramin'ny 3000 mm isan-taona sy mari-pana ambony indrindra 31° hatramin'ny 34°C sy ambany indrindra 15 ° -22 °C. no hita any amin'ny faritra nihavian'ny *Acacia crassicarpa.*

## 3. Ireo faritra hiparitahany

Miely fatratra any amin'ny faritany andrefan'i Papouasie- Nouvelle Guinée sy any Indonésie ny *A. crassicarpa* .
Nampidirina teto Madagasikara izy ny taona 1987 ka tany Moramanga (saingy tsy nahatanty hatsiaka) sy tao Lac Alaotra ho fiarovana ny tany no nambolena azy.

## 4. Fampiasana azy

Azo atao kitay tsara sy arina ny *A. crassicarpa*..
Ahazoana fanaovana andry koa izy sy azo akana hazo lava na ampiasaina amin'ny fanamboarana kojakoja mavesatra toy ny sarety, sambo, sns. Fampiasa indrindra amin'ny fambolen-kazo izy na atao hihazonana ny faritra dongom-pasika na hanome alokaloka na koa hanarenana ny tsiron'ny tany mihavery.

## 5. Ny fomba fambolena ny *Acacia crassicarpa*

***Fiotazana sy fikajiana ny voany***

<u>Masom-boly</u> :
Ahazoana masom-boly 30.000 ka hatramin'ny 60.000 ny voany iray kilao.
<u>Fikarakarana mialoha ny masom-boly</u> :
Atao anaty rano mahamay ary alona amin'io rano voapangotraka io mandritry ny 24 ora ny masom-boly.

Azo hotazana ny voany rehefa manomboka miha-anti-bolo ilay toa hodi-tsaramaso hifonosan'ny voa, avy eo dia ahahy eny amin'ny hainadro ary sarahina ny voany sy ny voa afafy.
Azo atao tsara ny mitahiry ny masom-boly mandritra ny erin-taona kanefa tsara kokoa ny fitehirizana raha apetraka anaty vata fampangatsiahana (4°C).
***Fikojakojana ny tanin-janakazo***

Tsy ilana fikarakarana manokana *ny Acacia crassicarpa* fa manome avy hatrany ireo bontsina rizobioma eny amin'ny fakany. Ireo rizobioma na bakteria mpihazona azota ireo no manampy *ny* voly hihazona azota izay manampy tsiro ny tany. Afafy avy hatrany anaty kitapo plastika kely nofenoina tany na anaty bolabolan-tany ny ambioka ka voa roa isaky ilay plastika kely no alatsaka. Azo atao koa ny mamafy an-taninketsa. Fito ka hatramin'ny roa ambin'ny folo andro avy eo no mitsiry ny voa ary azo haketsa izany ny roapolo na dimy amby roapolo andro aorian'io, izany hoe rehefa mivoaka ireo ravina kely voalohany. Tsara kokoa ny zanakazo tezaina anaty kitapo plastika.
Afindra ho volena ny zanakazo aorian'ny 70 –90 andro, izany hoe rehefa mahatratra 20-30 sm ny ahavony.

### *Fambolena ny zanakazo*

*Fiasana ny tany ambolena*

Asaina manontolo ny tanim-boly ary potipotehina ny bainga alohan'ny hanaovana ny lavaka hambolena.
2 x 2 metatra na 3 x 3 metatra no atao elanelan'ny lavaka.
Azo afindra ho ambolena ny zanakazo vao nongotana nefa mila fitandremana be nohon'ny faka tsy miaraka amin'ny tany.

..

## 6.Ny *Acacia crassicarpa* eto Madagasikara

Novelena ao Ivoloina (1 ha), Mahela (5ha), Kianjasoa (2ha) ary Miadana-Mahajanga *ny Acacia crassicarpa* ary tsara dia tsara ny fitombony afa-tsy any amin'io farany io.
Tsy mahatanty hatsiaka izy ka tsy maniry firy aty ampovoan-tany (Moramanga no miakatra).

Manome solofo ny *Acacia crassicarpa* nefa na tsy dia be aza izany dia azo atao tsara ny manapaka azy ka kapaina any amin'ny 50 sm ka hatramin'ny iray metatra miala ny tany ny fototra. Mamono tanteraka ny fotokazo ny fikapana azy ambany be loatra.

Matevina ny lafika ateraky ny ravina maina mianjera ka miaro ny ahi-dratsy tsy haniry. Roa taona eo dia efa ahazoana raokan-tany betsaka manome tsiro ny tany, indrindra any amin'ny faritra mando.

Raha tsara ny toe-tany dia mahatratra 15 metatra ny ahavon'ny hazo ary 25-30 sm ny savaivony eo amin'ny faha dimy taonany (Mahaela-Brickaville), 16 metatra eo amin'ny faha valo taonanys (Kianjasoa).



**Mpanoratra :**

- Rakotovao Ramasiarivelo Zoeliarisoa
- Rakotondraoelina Hery

(*) Foibem-pirenena momba ny Fikarohana Ampiharina amin'ny Fampandrosoana ny Ambanivohitra (FOFIFA/DRFP)

.

.